

## Taratasy misokatra mikasika ny fitrandrahana fasimainty ao Manakara ho an'Andriamatoa

- **Andry Rajoelina, Filohan'ny HAT**
- **Rasoloson Dolin, Filohan'ny CST**
- **Rakotoarivelo Mamy, Filohan'ny CT**

Ety ampiandohana dia tianay ny mampahatsihay ny fikarohana nataon'ny manam-pahaizana izay milaza fa ny "zirconium" ao antin'ny "illménite" na ny fasimainty dia ahitana singa manapoizina na "éléments radioactifs". Ny tohin'ny fikarohana koa dia mampahafanatra fa misy fiantraikany ratsy amin'ny zava-manana aina anaty rano ny "zirconium" ary ilay karazana sira ao anatin'ny dia miteraka aretin-koditra raha misy ny fikasohana amin'ny olombelona (ATP energy stress).

Eo amin'ny lafin'ny tontolo iainana sy ny fahasalamana izany dia mampatahotra ny hoavin'ny taranaka noho ity fitrandrahana fasimainty ity. Ka tamin'ireo sonia 1500 manakana ny fitrandrahana fasimainty dia betsaka ny ankizy mpianatra nanao sonia sy mametraka ny hoaviny amin'ny manam-pahefana tsy ankanavaka.

Faharoa, vao tsy ela akory i Madagasikara no nankalaza ny andro iraisam-pirenena momba ny fanoherana ny fahantrana ka ny lohahevitra nisafidina tamin'izany dia hoe: "... ny fampandrosoana mifototra amin'ny mahaolona ihany no lazaina ho maharitra" (... Seul un développement qui n'oublie personne est durable).

Eo amin'ny lafin'ny zon'olombelona izany dia rariny raha manohitra io fitrandrahana fasimainty io ny tantsaha maro mivelona amin'ny fambolena sy fiompiana sy ny mponina any amin'ny kaominina maromaro ao anatin'ny distrikan'i Manakara satria ny zo fototra mahaolona mihintsy no tsy voahaja raha esorina eo amin'ny toeram-pivelomany hatramin'izay izy ireo. Tsihivina fa zo fototra ny fanamaintsamolaly ny tany hivelomana ka tsy tokony hamaivanina. Mitondra mankany amin'ny fahantrana raha izany no tanteraka.

Fahatelo, eo amin'ny lafin'ny fiaraha-monina dia hahiana ny hisiana romoromo any aoriana ka hanairana dieny izao ny mpitondra fanjakana. Manao be fihavy sy amboetra amin'ny tantsaha mantsy ireo sinoa manao fikarohana ireo satria miditra an-keriny amin'ny tanin'olona ary mampiseho sarin'ny mpitondra iray izy rehefa manohitra ny fokonolona. Toy ny adivarotra an-tsena ihany koa no ifanarahany amin'ny tompon'ny tany rehefa voatery milefitra ity farany. Tsy misy solotenam-panjakana na iray aza manampy ny kaominina sy ny tantsaha amin'izany fa toa ny vadin'ny manam-pahefana iray ao an-toerana no mandresy lahatra ny tantsaha amin'ny hampanofana ny taniny.

Fahaefatra, eo amin'ny lafin'ny "éthique" sy fifandraisana. Tsy misy na iray aza amin'ireo sinoa ireo mahay fiteny hafa ankotrin'ny fiteny sinoa. Teratany sinoa zanatany tsy mahafehy ny teny malagasy no tsy afaka mamelabelatra akory ny lafin'ny teknika no miaraka amin'izy ireo. Azo adika ho tsy firaharahana ny manodidina izany ary koa ahafahana manao izay tiana hatao, na inona na inona zavatra miseho, satria tsy mifankahazo ny resaka.

Fahadimy, eo amin'ny lafin'ny sosialy. Indray dia mpiasa "manoeuvre" ihany no ampiasain'izy ireo hatramin'izao izay mandray tambin-karama 4.000 ariary isan'andro izay raisina isaky ny faran'ny tolakandro. Hatreto dia tsy misy ny "contrat" ary mandeha an-tongotra efa ho efatra kilaometatra ireo mpiasa an-tselika ireo mamonjy ny toeram-piasana sy mody.

Fahaenina, eo amin'ny lafin'ny toekarena sy fampandrosoana. Raha ny fomba fiasa hita ankehitriny aloha dia tsy azo antoka fa hitondra fampandrosoana eto Manakara ity orinasa Mainland Mining ity. Tsy mbola nisy ihany koa tompon'andraikim-panjakana na dia iray aza namelabelatra izay ho tombotsoa ho azo avy amin'ity fitrandrahana fasimainty ity. Tsy ity orinasa ity koa no handrainina hampandeha indray ny seranan-tsambon'i Manakara izay ambientin-dresaky ny mpanao politika rehetra tsy ankanavaka hatramin'izay. Efa nisy fanadihadiana ara-teknika mazava sy ara-bola efa natao momba an'io izay iandrasana ny fahavononan'ny fanjakana satria misy loharanom-bola hafa azo trandrahina fa tsy voatery hitrandraka fasimainty vao ho vita io. Ary vonona ny hitondra anjara biriky amin'izany ny mpandraharaha sy ny manam-pahaizana aty an-toerana. Tsy ny fisiana fotodrafitrasa ihany no atao hoe fandrosoana fa ankoatry ny fambolena, dia ny fizahan-tany sy ny famokarana tantely manara-penitra no ilokalokavan'ny mpandraharaha aty an-toerana izay hanome asa maro, maharitra ho an'ny tantsaha sy mikajy ny tontolo iainana.

Mifanohitra amin'ny hoavin'ny fiharian-karena aty amin'ny distrikan'ny Manakara araka izany ity fitrandrahana fasimainty ity ka sakananay. Ary ny mahavariana dia tsy manana drafitra fampandrosoana ny faritra akory i Vatovavy Fitovinagny.

Ety ampamaranana dia mamelà ahy ianao, Andriamatoa Filohan'ny FAT, hamerina ny teninao tamin'ny fahitalavitra tany Parisy farany teo hoe: "... tokony hazava ny fitsipika rehetra hitantanana ny harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara".

Araka izany dia mino aho, Andriamatoa Filoha, fa ho raisina ho raharaha mahasahana ny daholobe ny fitrandrahana akora toy ny fasimainty ka ilaina ny fihainoana ny feony (consultation publique), ny fandanjanjana miaraka, mialoha ny fandraisana fanapahan-kevitra, izay mety ho tombony sy ny fatiantoka (Etude d'Impact Environnemental) izay mbola tsy ananan'ity orinasa ity ka nampiatoan'ny ONE ny fikarohana sy fitrandrahana ataon'ity orinasa Mainland Mining ity (Note n° 901/11/MEF/ONE/DG/DEE.RVA tamin'ny 2 novambra 2011 sy ny Fiche de compte-rendu rapide n° 010-11/MEF/SG/DGE/DREF.v7v/SRE tamin'ny 24 oktobra 2011)

SALADY Achille  
Fiarahamonim-pirenena Manakara  
Manakara, 13/12/2011